Fiteny kannada

Ny **fiteny kannada** (ಕನ್ನಡ), na **sirigannada** dia fiteny diravidianina any atsimon'i India. Izy ny fiteny tena antitra indrindra amin'ny fiteny diravidianina. Teny ofisialy ny Karnataka ny fiteny kannada. Misy olona 45 tapitrisa no mampiasa ny fiteny kannada any India

Votoatiny

Ilay fiteny
- Sata ofisialy
- Soratra

Jereo koa
- Rohy ivelany

Ilay fiteny

Efa nisy 2500 taona mahery izay no nisy ny fiteny kannada, ary soratana amin'ny alphasyllabaire kannada izy. Noforonina tamin'ny taonjato faha roa io alphasyllabaire io. Mitovy endrika amin'ny fiteny diravidianina hafa ny fivoaran'ny fiteny kannada, indrindra amin'ny fiteny tamil sy ny fiteny telugu. Tamin'ny taonjato farany, nanana fianjadiana tamin'ny fiteny sanskrity ny fiteny kannada sy ny fiteny telugu.

Misy *divergence* ny fiteny soratana sy ny fiteny tenenina, ary samihafa ny fiteny kannada arakaraky ny faritra. Manana tenim-paritra 20 ny fiteny kannada. Ny tena be mpiteny indrindra dia :

- ny fiteny kodava (any amin'ny faritra Coorg) ;
- ny fiteny kunda (any amin'ny faritra Kundapura) ;
- ny fiteny havyaka (fiteny tenenin'ny Havyaka Brahmana any amin'ny faritra Dakshina Kannada, any amin'ny faritra Uttara Kannada, any amin'ny faritra Shimoga, ary any amin'ny faritra Sagara et dans l'Udupi) ;
- ny fiteny are bhashe (any amin'ny faritra Sullia, any Dakshina Kannada) ;
- ny fiteny soliga kannada ;
- ny fiteny badaga kannada ;
- ny fiteny gulbarga kannada ;
- ny fiteny hubli kannada.

Sata ofisialy

Ny fiteny kannada dia anisan'ny teny ofisialin'i India ary teny ofisialin'ny faritan'i Karnataka. Misy mpiteny kannada ihany koa any amin'ny faritra tamil nadu, fa tsy teny ofisialy io teny io any.

Soratra

Ny kannada dia manana *alphasyllabaire* hanoratana azy. Misy litera 52 ilay alphasyllabaire. Mitovitovy endrika amin'ny fomba fanoratana hafa any India ny soratra kannada. Satria voasintona avy amin'ny soratra Brahmî ny soratra kannada ; somary sarotsarotra ihany ny manoratra amin'io soratra io, manana litera tàpany izao ohatra ny alphasyllabaire kannada, ary manana ligatiora manokana na tsindrim-peo ihany koa izy. Noho izany, mihoatra be ny litera 52 ny abidy ny isan'ny eva (symbole). Afaka manatambatra litera maro koa ny mpanoratra raha te-hanao ottakshara. vaninteny iray ny eva iray.

Misy sokajy telo ny eva :

- ny swara : zanapeo, mety fohy, lava kely na lava ;
- ny vyanjana : ny renifeo ;
- ny yogavaaha : ny vaninteny

Jereo koa

- Tamil
- fiteny telugu
- fiteny sanskrity

Rohy ivelany

- ((kn)) Wikipedia miteny kannada (https://kn.wikipedia.org)
- ((en)) Hianatra ny fiteny kannada (http://www.bangalorebest.com/discoverbangalore/learnkannada/index.asp)
- ((en)) Fehezanteny amin'ny fiteny kannada (http://www.udupipages.com/pages/kanada1.html)

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_kannada&oldid=640627"

Voaova farany tamin'ny 13 Aogositra 2013 amin'ny 21:19 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.